Raha maty ianao anio, ho aiza ?

Fanontaniana iray manan-danja

Io no **fanontaniana tokony hapetrakao amin'ny tenanao**, raha vao mandray an'ity takelaka ity ianao. Tsotra ny antony : *« Ary tahaka ny nanendrena ny olona ny ho faty indray mandeha, ary rehefa afaka izany, dia hisy fitsarana »* (Hebreo 9.27), hoy ny Baiboly. Raha mandà tsy hiatrika ny fahamarinana ianao fa te-hijanona hatrany ao amin'ny manjavozavo, dia tataovan-doza satria hifanatrika amin'Andriamanitra aorian'ny fahafatesana. Hifanatrika Aminy toy ny Ray izay hitsena anao eo an-tokonana ve ianao, sa hifanatrika Aminy toy ny Mpitsara izay hamoaka **didy tsy azo ivalozana** ny aminao ? Didy haharitra mandrakizay izany ! Tsarovy anefa fa tsy zakan'Andriamanitra ny fahotan'ny olona, ny fahotantsika. Raha mijery avy eny an-danitra Andriamanitra, dia olona tsy mba manao izay mahafaly Azy no ahitany anao. Miaina araka ny filàna maha-olona anao ianao, entanin'ny filàn'ny fonao, ary manao ny sitraponao, izay tsy mifanaraka amin'ny an'Andriamanitra. Noho izany dia toy ny maty ara-panahy no fahitàny anao noho ireo fahadisoanao sy helokao. Tsy ny fiezahanao hanamarin-tena hoe tsy manao ratsy no hahafahanao manova ny didim-pitsaran'Andriamanitra aminao ; satria tsy ny fijerinao no inona, fa ny fijerin'Andriamanitra.

Inona àry no tokony hataonao ?

Voalohany indrindra, **ny ekeo ny fitsaràn'Andriamanitra anao**. Mpanota very ianao ary mendrika ny hiharan'ny fanamelohan'Andriamanitra ka ho tafasaraka Aminy mandrakizay.

Manaraka izany, aoka ho fantatrao fa **tsy mahavonjy tena ianao** : tsy hahafa-po an'Andriamanitra na oviana na oviana ny ezaka ataonao, satria avy amina loharano maloto tsy zakan'Andriamanitra no niaingany. Porofon'izany : *"…tahaka ny nidiran'ny ota avy tamin'ny olona iray ho amin'izao tontolo izao, ary ny ota no nidiran'ny fahafatesana ka nahatratra ny olona rehetra ny fahafatesana, satria samy efa nanota izy rehetra",* hoy ny Soratra Masina. (Romana 5.12)

Noho izany, avy any an-kafa ny famonjena. Ao amin'i Jesoa Kristy, izay tonga tetỳ an-tany mba hamonjy ny mpanota. **Naka ny toerana mendrika ho anao** Izy, **maty teo ambony hazofijaliana**, satria *"fahafatesana no tambin'ny ota"* , hoy ny Soratra Masina (Romana 6 .23). Ny fahotanao io nentiny teo amin'ny hazofijaliana io. Nefainy ny tombam-bidy notakin'ny ota, raha maty nisolo voina anao olo-meloka Izy. Sitrak'Andriamanitra ny hahavoavonjy ny olona rehetra sy ny hahatongavany amin'ny fibebahana, noho ny hatsaram-pony.

Aoka ianao **hanetry tena ka hanaiky** ny toerana maha-mpanota anao, sy hanaiky ny hasarobidin'ny sorona nataon'i Jesoa teo amin'ny hazofijaliana. Nalatsany ny rany mba ho voadio amin'ireo fahotanao marobe ianao; mandraka androany io ra io dia mbola manan-kery hanadio anao, raha manaiky izany ianao.

Rahampitso : ny fiainana mandrakizay

Ankoatra izay, mbola nampanantenaina ianao fa **fiainana mandrakizay no omeny izay rehetra manatona Azy**. Mazava ny tenin'ny Tompo Jesoa hoe : *"Izay mandre ny teniko ka mino Izay naniraka Ahy no manana fiainana mandrakizay ka tsy hohelohina ; fa tafafindra niala tamin'ny fahafatesana ho amin'ny fiainana izy"*

(Jaona 5.24). Izany no miandry anao raha manaiky ny Tompo Jesoa ianao, dia fanantenana velona sy fahazoana antoka fa raha maty ianao anio, dia misokatra ho anao ny lanitra.

Ankehitriny àry, anao ny safidy !

FIVAROTAM-BOKY KRISTIANA

- **Fianarana Baiboly maimaimpoana**
- **Fivarotana boky kristiana amin'ny vidiny mirary**
- **Fampindramana boky kristiana**

ANTANANARIVO
Lot IV L 39 D
Anosivavaka Ambohimanarina
101 – Antananarivo
Làlan'ny Bus 194 Akaikin'ny Pâtisserie Le Clafoutis
Tel : (261 20) 22 090 00
Portable : 033 14 168 12
032 42 552 35
e-mail : christmadabiblio@yahoo.fr

ANTSIRABE
Lot 18 I 50
Mahazina
110 - Antsirabe
Portable : 033 02 402 61
033 02 402 61

TÖLAGNARO
Villa Emmanuel
Lot II D 040
Bazar kely
614 - Tölagnaro
Portable : 033 14 576 73
032 41 493 16

Raha maty ianao anio, dia ho aiza?

Editeur : BPC- La bonne semence. France Réf. SV 503 Ma
Si tu meurs aujourd'hui, où iras-tu ?